## NY TENY FIAINANA

*"Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dôndôny, dia hovohana hianareo."*
***Matio 7:7***

### Rakotomalala Stanislas N°2

# Tsara toerana indrindra hitantana ny FMF

Kandidà tena tsara toerana indrindra amin'ireo 5 hifaninana ho filoha vaovao hitantana ny FMF « Federation Malagasy de Football », handimby tanteraka ny filoha teo aloha Arizaka Rabekoto Raoul, ny kandidà laharana faha-2, Rakomalala Handriniaina Stanislas , amin'ny fifidianana hataoa amin' ny sabotsy 14 oktobra 2023 eto Antananarivo. Izy dia marihana fa SG an'ny Pro-League am-perinasa ary efa tena zatra ny fitantanana an'izany Federasiona izany, noho izy efa nitana ny toerana SG tao tamin'ny andron'ny filoha Ahmad tamin'ny taona 2010 hatramin'ny 2017. Izany hoe efa tena zatra mifanerasera amin'ny mpitantana ny FIFA izy ary efa zatra nifanerasera tamin'ireo filohana ligim-paritry ny baolina kitra teto Madagasikara ihany koa, ka mahafantatra tsara ny tena zavatra ilain'izy ireo sy tokony hanampiana azy ireo (indrindra ny lafiny ara-bola). Ny fitantanana tsara tantana sy mangarahara ao amin'ny FMF no fanamby lehibe indrindra apetrany amin'izao izy kandidà izao, mba haha marim-pototra ny fitantanana ara-bolan'ny FMF izay hiankinan'ny tena fampandrosoana ny baolina kitra Malagasy amin' ny ankapobeny. Manaraka an'izany dia hijoro ho mpampiray fo (rassembleur) ny mpisehatra baolina kitra Malagasy manontolo ny tenany, mba hanohizana ny fahombiazan'ny Barea teo amin'ity sehatra ity toy ny tamin'ny 2019, izay tsy tongatonga ho azy, araka ny filazany, fa nisy dia nisy ny dian-tanan'ny mpitondra ny FMF nisy azy tamin'ny fotoanandrony. Izy dia tsy mitantana klioba n'iza n'iza ka hijanona ho « neutre » hatrany eo amin'ny fitantanana an'ity FMF ity. Ho tohizana sy ho velomina tsara indray , hoy ity kandidà laharana faha-5 ity, ireo fampiofanana samihafa fanao hatrizay eo amin'ity sehatry ny baolina kitra ity fony izahay teo amin'ny fitantanana, ka hita fa nampahomby ny baolina kitra malagasy. Tsy maintsy hizorana ny sehatra matihanina eo amin'ny « championnats » isan-karazany ary ho velomina indray ny « championnat de football des jeunes », toy ny efa natao hatrizay ary hotohizana ihany koa ny fampiroboroboana ny baolina kitra vehivavy eto amintsika.


***Rakotomalala Stanislas.***

***Rainilita***

### Cosafa Women's Cup 2023

# Mbola lavon'i Malawi indray ny Barea

Laharana farany ny Barea vehivavy tao amin'ny vondrona A nisy azy, amin'ny fifaninanana baolina kitra « Cosafa Women's Cup » tontosaina any Afrika Atsimo ankehitriny, satria dia mbola resin'i Malawi 3-1 indray tamin'ny andro faran'ny fifanintsanambondrona natao tamin'ny talata 10 oktobra teo . Nifarana omaly alarobia 11 oktobra 2023 tamin'ny alalan'ny fihaonan'i Zimbabwe sy Botswana ary Namibie sy Lesotho izany fifanintsanam-bondrona izany, ka ny iray amin'ireo ekipa efa-tonta ireo no hikatroka amin'i Zambie, izay efa miandry fotsiny eo amin'ny dingan'ny ankatoky ny famaranana ho tontosaina rahampitso zoma 13 oktobra 2023 amin'ny 1ora atoandro. Marihana fa eo amin'ny ankatoky ny famaranana ilany, izay hanomboka amin'ny 4ora30 tolakandro zoma io ihany dia i Malawi no hikatroka amin'i Mozambique.

***Rainilita***


***Ny hafalian'ny ekipan'i Malawi nandresy ny Barea vehivavy.***

### Championnat de Madagascar rugby Federal 2

# Ho 1000 Ar sy 3000 Ar ary 5000 Ar ny fidirana


***Rugby Federal 2, 2023.***

Hitohy amin'ny fanatanterahana ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy Federaly 2, ny fifaninanana rugby Malagasy, tontosain'ny Malagasy Rugby etsy amin'ny kianjan'i Makis Andohatapenaka, ka amin'ny alahady 15 oktobra 2023 ho avy izao dia lalao miisa 5 be izao no hotanterahina mifandimby ary hihena ho 1000 Ar ny ankizy, 3 000 Ar ny Gradin ary 5000 Ar ny Tribune ny fidirana eny Andohatapenaka amin' izany. Fandaharan-dalao : 09h00-Matadore Anosipatrana # Rosa Antohamadinika, 10h30-Uirc Commune # Asa Ambohimanarina, 12h00-Ftam Mandrangobato # Fta Anjanahary, 13h30-Vtma Antsalovana # XV Beravina Beravina, 15h00-Hiza 17 Angarangarana # XV Family Vondrona.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Anana tisam sy voanjo** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao ketsaketsa izany, azo atao rondrony ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny aretin-kibo sy mivalana ny ranom-bary

Fanafana amin'ny aretin-kibo sy mivalana ny ranombary, izay indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Rehefa tratry ny aretin-kibo sy ny fivalanana dia tena ilain'ny vatana ny rano. Ny ranom-bary dia isan'ny tena mandaitra amin'izany satria ankoatra ny maha rano azy dia mitondra ireo karazan'otrik'aina ilain'ny vatana ihany koa izy ity.
Ny atao : ampangotrahana mandritra ny 30 min eo ny vary 30g (mety rehefa vary ). Tatavanina ary atokana ny ranony. Rehefa matimaty ny ranom-bary dia sotroina avy hatrany. Afaka ampiana tantely izany, fa afaka sotroina amin'izao ihany koa. Averina isa-maraina sy isan-kariva ny fisotroana ny ranom-bary mandra-pahasitran'ny aretin-kibo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Lohavanana distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Lohavanana distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Lohavanana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga, ny ovy ala. Ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny voasary.

